# Mofonaina Talata 30 Jolay 2024 – Kolosia 2:4-7

## Kolosiana 2:4-7

### 1. NY BOKY

#### 1.1 Fandraisan'anjaran'ny tsirairay

- **Toko:** 4
- **Daty:** 60-62
- **Mpanoratra:** Paoly tany am-pifatorana
- **Antony nanoratana:** Fanoherana ny fampianaran-diso izay nampifangaro ny fivavahana jiosy sy ny sampy ary ny filozofia grika, ary nitaomana ny kristianina tao Kolosia hiorina sy hametraka an'i Jesoa ho ambonin'ny zavatra rehetra.

#### Drafitry ny boky na (Foto-kevitra misongadina)

- **Col 1:1-14:** Fiarahabana sy Fisaorana
- **Col 1:15-23:** Ny fanjakan'i Kristy sy ny asa famoronana. Kristy no lohany amin'ny zavatra rehetra sady iompanan'ny zavatra rehetra.
- **Col 1:24-29:** Ny endriky sy ny fototry ny fanompoan'i Paoly
- **Col 2:1-23:** Fampitandremana amin'ny fampianaran-diso
- **Col 3:1-25:** Fiainam-baovao ao amin'i Kristy (Ny any ambony, ny ao an-tokatrano)
- **Col 4:2-18:** Hafatra sy fanaovam-beloma (**Ampitao any Laodikia ity taratasy ity**)

### 2. FAMARITANA NY TEKSTA

Ity teksta ity dia ao anatin'ny fampianaran'i Paoly mampitandrina ny amin'ireo fampianaran-diso.

## 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

- **31.** Mahaiza manavaka tsara ny fampianarana tena izy (Col 2:4)
- **32.** Misy ary azo iainana amin'ny fotoana rehetra ny fiombonana (Col 2:5)
- **33.** Miainga ao amin'i Kristy ary mandeha ao amin'i Kristy (Fitomboana) (Col 2:6)
- **34.** Maniry sy mijoro (sarin'ny zava-maniry no enti-manazava) (Col 2:7)
- **35.** Mahaiza mankasitraka noho ny fahasoavana be dia be omen'Andriamanitra (Col 2:7)

## 4. FAMPIHARANA DIMY: AOKA

- **41.** Aoka tena handalina ny finoana marina araka ny Soratra Masina isika. Angataho ny fahaiza-manavaka sy ny fahaiza-manivana mba hamantaranao hoe **tsy izy izany**.
- **42.** Aoka ho tsara ny fifandraisantsika mpino, omeo lanja ny fiombonana: Mifampivavaha na tsy mifankahita aza. (Efa nialoha ny teknolojia Andriamanitra tamin'ny nampianarany antsika hifampivavaka mba hikoloana ny fifandraisana).
- **43.** Aoka hifanitsy amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy hatrany ny fiainantsika. Ho tsapanao sy ho taratry ny hafa ny dingana vitanao isan'andro miaraka amin'i Jesoa Kristy.
- **44.** Aoka hifandray sy hifamatotra lalina amin'i Jesoa Kristy isika ao amin'ny Soratra Masina sy ny vavaka ary dia ho tafatoetra eo an-tanimbolin'ny Tompo koa (ny Fiangonana).
- **45.** Aoka ho velona ao amin'ny fiainana kristianina ny fahaiza-mankasitraka an'Andriamanitra ka tsy amin'ny vavaka tononina ihany fa amin'ny fanompoam-pivavahana sy ny fanompoana samihafa.